RINA N°2 ANTANANARIVO

# Gasy ray, gasy reny, gasy vady, gasy zanaka ary ny malagasy aloha

Afaka 6 andro sisa dia higadona ny fifidianana kaominaly, hifidianana ireo ben'ny tanàna sy mpanolotsainan' ny kaominina manerana an'i Madagasikara. Raha ny zava-misy ho an'ny kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA), afaka 6 andro izay dia ho ben'ny tanàna i Rina Randriamasinoro N°2, kandidà ben' ny tanàna natolotry ny antoko Tiako i Madagasikara (TIM), sy ireo mpiara-dia aminy, raha ny fanadihadiana tsotsotra natao sy ny fahitana ny zava-misy nandritra izay andro maromaro efa nanaovana fampielezan-kevitra izay, ka nandresen-dahatra ny mpifidy. Tsiahivina ihany fa kandidà avy amina fianakaviana tsotra i Rina, nianatra tamin'ny EPP, CEG, Lycée, ary tamin'ny Oniversite teto Madagasikara. Nanatevina fiofanana tao amin'ny ENAM Androhibe izy, izay mbola sekolim-pirenena ambony momba ny fitantanan-draharaham-panjakana eto Madagasikara ihany koa. Malagasy ray sy reny izy, gasy ihany koa ny vadiny sy ny zanany, ary ny Malagasy aloha no jerena ny momba azy ireo hoy izy, tsy midika izany fa manilika vahiny izy araka ny nambarany fa ny fiainan' ny Malagasy sy ny momba azy no laharam-pahamehana, ny vahiny dia hiaraha-miasa, mpiara-miombon'antoka, rehefa lany soa aman-tsara ho ben'ny tanàna izy afaka andro vitsy sisa, hisokatra amin'ny vahiny rehetra aho hoy izy ary hisokatra amin'ny lafy valon'izao tontolo izao ny fiaraha-miasan'ny CUA amin'ny any ivelany. 6 mianaka izy ireo no ao amin'ny ankohonany: Rina sy Maholy vadiny, 2 ny zanany, 2 ihany koa ny ankizy taizany, izay miara-mipetraka amin'izy mivady: zanaky ny rahalahiny izay efa nodimandry izy ireo. Raha teo amin'ny sehatry ny asa raha tsiahivina, efa niasa tamina tetikasa niarahana tamin'ny Banky Iraisam-pirenena i Rina. Tale nitantana ny vola tao anivon'ny CUA, avy eo efa sekretera jeneralin'ny CUA, mialohan'izao firotsahany ho fidiana ho ben' ny tanàna izao. Arak'izany dia efa manana traikefa amin'ny fitantanana ny tanàna ny tenany, ka tsy hanavao intsony afaka andro vitsy sisa amin'ny haha-ben'ny tanàna azy eto amin'ny Renivohitr'i Madagasikara. Ny mponina rehetra izay notsidihany isam-baravarana mihitsy tao alohan'ny propagandy, sy nandritra izao fampielezan-kevitra izao dia saika resy lahatra aminy avokoa ny amin'ny haha-olona voalohany eto Antananarivo azy tsy ho ela. Alefa Rina N°2, lefa koa ho an'ireo mpanolotsaina TIM miaraka aminy N°4.




*Rina enina mianaka.*

***Ny Valosoa***

Kandidà Rina N°2

# Manana vinam-piarahamonina voahevitra sy mamaly ny filan'ny mponina

Mitohy ny fidinana ifotony eny amin'ny faritra iva eto Antananarivo Renivohitra ataon'ny kandidà Rina N°2. Notsidihany tamin' izany omaly ny teny Ampefiloha, Antetezana afovoany, Andavamamba, Anatihazo, Manarintsoa, Andavamamba Anjezika, nijery ny olana mianjady amin'ny mponina any amin'ny faritra iva ity kandidà ho ben'ny Tanàna ity sy ny kandidà mpanolotsaina TIM. Nihaino ny hetahetan'izy ireo ary mandroso vahaolana avy hatrany. Voatetin'i Rina avokoa ireo elakelantrano anaty tanàna rehetra ao amin'ny boriborintany voalohany. Manana vinam-piarahamonina voahevitra sy mamaly ny filan'ny mponina i Rina. Harovana ny tany sy ny toeram-ponenan'ny mponina, hatsaraina mba hananan'izy ireo fiainana mendrika. Hatsaraina avokoa ireo lakandrano mamakivaky ny tanàna hahafahan'ny rano mikorina tsara, vonona hiara-hiasa amin'ny fanjakana i Rina amin'ny fanatanterahana izany ho an'ny tombotsoam-bahoaka. Mbola betsaka ny mponina mivelona amin' ny fambolena sy ny fiompiana eto andrenivohitra, tsy maintsy harovana izy ireo, hoy i Rina, nandritra ny fitsidihany teny amin' ny fokontany Ankeniheny, Ampandriambehivavy, Ambaravarankazo, izay nojereny koa omaly, ao amin'ny boriboritany faha-6. Ny sabotsy izao etsy Ambohijatovo ny faradoboka ho an'ity kandidà natolotry ny antoko TIM sy ny filoha Marc Ravalomanana ity, hisy ny carnaval hiainga etsy Ankorondrano hihazo an'Ambohijatovo mandritra io fotoana io. Sabotsy tontolon'ny andro izany mifankahita etsy Ambohijatovo.

***Stefa***

Seces

# Tsy nahafa-po ny fihaonana tamin'ny Minisitry ny fampianarana ambony

Tsy nisy vahaolana natolotrin'ny Minisitra mpiahy ho famahana ny olan'ny mpampianatra mpikaroka sy ny mpikaroka mpampianatra manerana ny nosy, nandritra ny fihaonana izay notanterahina omaly. Araka ny tatitra nataon'ny Profesora Samy Gregoire filohan'ny Seces Antananarivo dia ny fanontaniana mahakasika ny olan'ny Seces no nataon'ny Minisitry ny fampianarana ambony nandritra ny fivoriana raha toa ka ny famahana ny fitakiana isaky ny teboka no nampanantenaina tao anatin'ny taratasy fiantsoana. Nanohy nanazava ny filohan'ny Seces Antananarivo fa naneho ny fijeriny sy ny ezaka vitan'ny Ministera no nataon-dRamatoa Minisitra tao anatin'ny fivoriana. Nanazava ny Profesora Samy Gregoire fa nanome toromarika ho an 'ny Seces ny Minisitry ny fampianarana ambony, mba hampitsaharana ny hetsika fitakiana sy hanesorana ny « Banderole » ary tsy hanaovana fanambarana amin'ny haino aman-jery intsony mahakasika ny hetsika fitakiana. Nanamafy ny filohan'ny Seces Antananarivo, fa mitohy ny fitokonana ataon'ny Seces manerana ny nosy ary mamaly ny fandrahonana ataon'ny Ministera ireto farany fa arovan'ny lalàna ny fahafahan'ny Seces manatanteraka hetsika fitakiana rehefa tsy vita ny fifampiresahana miaraka amin'ny tompon' andraikitra. Niantso ny Filoham-pirenena ny Seces manerana ny nosy mba hamaha ny olan'ny mpampianatra mpikaroka sy ny mpikaroka mpampianatra. Tsiahivina fa amin' ny Zoma ho avy izao no hanao tatitra sy hanazava ny zava-misy amin'ny solontenan'ny mpianatra ara-pedagogika sy ny solontenan'ny mpianatra isaky ny faritra ny Seces Antananarivo. Aorian'izany, hanao hetsika ho fampahafantarana ny mpianatra etsy amin'ny Esplanade Ankatso ny talata izao ny Seces, ao anatin'izany ny fampahafantarana ny mpianatra ireo antony sy ny vahaolana mikasika ny fitokonana ataon'ny Seces manerana ny nosy.

***Franck Razakambelo***

*Ny Valosoa sy fakafaka*

## Mifangaro ny fampielezan-kevitra sy ny asa fampandrosoana ny firenena

Dimy andro sisa dia hikatona ny fotoana nomena alalana hanaovana fampielezan-kevitra ao anatin'izao fifidianana ben'ny tanàna sy mpanolotsaina izao. Efa manana ny safidiny ny olom-pirenena mpifidy na dia mbola mitohy aza ny fampielezan-kevitra ataon'ireo kandidà miaraka amin'ny mpanohana azy. Ny tsikaritra dia mbola zatra ny lalan-dririnina ny kandidàn'ny fitondrana sy ny fitondrana mihitsy, ka fahavaratra avy no mitady mbola hanao hitsindalana. Efa vonona sy sahy hiatrika fifidianana tanteraka ny kandidà avy amin'ny antoko Tiako i Madagasikara (TIM) ary vonon-kandresy. Tsy hanaiky ihany koa amin'izay fihetsika miala amin'ny ara-dalàna ataon'ny mpifaninana aminy toy izay nitranga tamin'ny fifidianana rehetra teo aloha. May volon-tratra ihany ny avy amin'ny fitondrana ka manao ireo fihetsika hanasana ati-doha ny vahoaka amin'ny fidinana an-tsehatry ny filohan'ny Repoblika etsy sy eroa ary miseho hamaha ny olam-bahoaka na mizara zavatra samihafa. Hatramin'izay anefa tsy hita firy manao izany fa ao anaty fotoanan'ny fampielezan-kevitra vao mody miezaka mafy amin'izany. Maninona raha tena hanao lalao madio dia haato aloha ny hetsika fitokanana etsy sy eroa rehefa amin'ny fotoana toy izao, na olon-kafa ihany ao anaty fitondrana no manao izany. Dia hatramin'ny resaka fanaovan-tsakafo sy fivarotan-kanina avy aza no notokanana. Tena tokony ho andraikitry ny filohan'ny Repoblika ve izany ary manandrify ny toerana misy azy ve? Mba olom-panjakana hafa mifanandrify amin'izany no tokony ho nitokana izany raha ho an'ny mpandinika maro. Fa ao anaty fotoanan'ny fampielezan-kevitra ary tiana hotohanana mafy mba ho lany ny kandidàn'ny antokony satria tsapa ho "maivan-kitsaka" ihany dia atao avokoa izany rehetra izany. Aoka hanana fijery vaovao tena andrasan'ny vahoaka amin'ny fitondrana efa hatramin'ny ela amin'ny fampandrosoana ny firenena, fa tsy ho variana amin'ity kajikajy politika lava ity, izay hita ny naharatsy azy indrindra tao anaty tetezamita.

***Sôh'son***

Kaominina Talatamaty

# Mivangongo ny fako… Variana amin'ny praopagandy

Tsy misy tsy mimenomenona izay mandalo eny amin'ny kaominina Talatamaty akaikin'ny Bel'Air, distrikan'Ambohidratrimo. Mivangongo tsy misy ohatr' izany mantsy ny fako eny an-toerana. Ny ao tsy miala, ny aoriana miditra ihany. Tsy hita hoe iza no tena tompon'andraikitra fa hatreto aloha dia ny kaominina no manala fako. Manginy fotsiny ny fofona maimbo raha sendra mba mandalo amin'izany toerana izany ianao. Ny mahagaga ny mponina dia hoe angaha tsy misy lalàna hoe amin'ny firy no tokony hanary fako, dia amin'ny firy koa no fitaomana ny fako satria toa tsy misy fiovana mihitsy ny habetsaky ny fako misavovona eny an-toerana ankehitriny. Variana ma-nao praopagandy koa angamba ny mpitondra. Tsy olana amin'ireo mpitsindroka anefa izany fa mahafaly azy satria ahitana zavatra samihafa rehefa maro ny fako very. Ny talata teo dia raikitra mihitsy ny fifamalian'ny mponina manakaiky sy ny mpitsindroka zaoridira satria sa-dy efa miparitaka izaitsizy ny fako, no mbola vao mainka miparitaka ihany isavan'ireo mpitsindroka izay ilainy. Manaitra ny tompon'andraikitra voakasik'izany ny mpandalo sy ny mponina eny an-toerana satria efa tsy rariny intsony ny fofona maimbo aterak'ity fakobe miavosa ity.

***Rajo***